

Ny Feon'ny Mpiompy trondro

Ny gazetin'ny fiompiana trondro eto Madagasikara

Mivoaka isaky ny telo volana

Septambra 2019

FITATERANA TRONDRO

Itasy

Fitaterana trondro velona avy ao
Ampefy mankany Antananarivo (P. 5)



Matsiatra Ambony

Mitatitra sy
mivarotra
trondro amin'ny
foara (P. 6)

Amoron'i Mania

Manatitra zanatrondro amin'ireo
kaominina manodidina (P. 3-4)

SASINTENY

Ry mpamaky hajaina,

Faly manolotra anareo ity laharana vaovao ity ny ekipa mpanoratra ny gazety « Ny Feon'ny Mpiompy Trondro ».

Ny fitaterana trondro, zanatrondro sy trondro vaventy, no horeshahina amintsika ao anatin'ity laharana ity. Maro ireo mpiompy trondro voakasik'io lohahevitra io. Tsy mandeha ho azy anefa ny fitaterana trondro satria misy fahalalana kely ihany tokony hofantarina sy teknika tokony hofehezina ahafahana mitana ny fahaveloman'ny trondro.

Mikasika ny fomba fitaterana zanatrondro dia ny ekipan'ny APDRA Vakinankaratra no manazava mialoha ny teknika fampiasan'ny mpamokatra ao amin'ny faritra.

Mpiompy iray nohadihadiana tao Amoron'i Mania avy eo no mampiseho amintsika ny fomba ampiasainy amin'ny fitaterana lavitra kokoa, ary vehivavy mpiompy iray ao Atsinanana no mitantara ny fomba namahany ny olana nosedrainy tamin'ny fitaterana vokatry ny fitsidihana fifanakalozana nataony tany Betafo.

Ho an'ny fitaterana trondro vaventy, hohitanareo ato ny fomba itateran'ny mpanangombokatra iray ao Itasy trondro velona mankany an-drenivohitra. Hohitanareo ihany koa ny teknika ampiasain'reo mpiompy trondro roa avy ao Matsiatra Ambony hitanana ny hatsaran'ny trondro mandritra ny fitaterana azy mankany amin'ny toerana lavitra.

Hanampy anareo hahatrata ny tanjona apetrakareo momba ny fitaterana trondro anie ny famakiana ity laharana ity !

Mamakia finaritra àry, amin'ny manaraka indray !

Ny ekipan'ny FMT

INONA NY VAOVAO ?

Tapitra ny tetikasa AMPIANA

Ny taona 2015 no nanombohan'ny tetikasa AMPIANA niasa tany amin'ny manodidina an'Antananarivo. Novatsian'ny Vondrona Europeana vola, teo anivon'ny prrogramma ASA, kaominina miisa 30 no niasany, tao amin'ny faritra Analamanga, tao amin'ny distrikan'Arivonimamo ao Itasy sy tao amin'ny distrikan'Ambatolampy, ao anatin'ny Vakinankaratra. Taorian'ny 4 taona sy tapany niasany, tapitra ny famatsimbola ka hijanona ny tetikasa. Inona àry no nisongadina tao anatin'izay efatra taona nodiaviny izay ?

Talohan'ny niasan'ny tetikasa dia efa nahitana fomba fambolem-bary sy fiompiana trondro an-tanimbary miaraka manodidina an'Antananarivo saingy mbola vitsy. Nahavita nampitombo isa ireo mpamokatra zanatrondro sy mpanatavy ny tetikasa AMPIANA. Mpamokatra miisa 250 izay mamokatra zanakarpa mihoatra ny 1 tapitrisa raha atambatra no voapetraka sy voarakitra ao anaty lahatahirin'ny mpamokatra zanatrondro.

Nampiofana sy nanampy mpanatavy trondro miisa 1 500 koa ny tetikasa, ary tsikaritra fa nihamaro ny isan'ny mpiompy trondro vokatry ny fanentanana sy fampiofanana tantsaha hafa nataon'reo fikambanana sy tantsaha mpitarika. Nisy ireo nivondrona tao anaty fikambanana mpiompy trondro (eo an-toerana na eo anivon'ny kaominina maro) manodidina ny telopolo mba hifanakalo teknika, hisarika

mpamokatra vaovao, hivarotra ny trondrony sy hiady amin'ny halatra.

Mikasika ny fiompiana an-dobo, ny fomba fiompiana tsy dia ampiasàna sakafy vidimbola no tena nimasoan'ny tetikasa. Eo am-pamaranana ny tahirin-kevitra mirakitra ireo singa fototra mandrafitra io fomba famokarana io ankehitriny ny tetikasa.

Nampiana tamin'ny lafiny fivarotana ihany koa ny mpiompy trondro, hahafahany mandray anjara amin'ny foara sy ho fantatry ny olona. Toeram-pivarotana zanatrondro sy trondro vaventy maro, tantanin'ny fikambanana, no naorina.

Farany, asa fikarohana maro no natao ary niarahana niasa tamin'ny foibe fikarohana ara-tsiansa FOFIFA sy Cirad. Izany indrindra no nahafahana nanaporofa fa ny fiompiana karpa an-tanimbary dia afaka nampiakatra 10 hatramin'ny 20 % ny voka-bary, na dia misy velaran-tany fambolem-bary lany amin'ny fanaovana dobo fierena aza.

Nodininhina lalina ihany koa ny lèlam-pihariana momba ny fivarotana trondron-dranomamy mankany Antananarivo ary asa maro no natao hanatsarana ireo fepetra ara-pahasalamana takian'ny varotra trondro.

Hanohy ny fanohanany ny fiompiana trondro amin'ny alalan'ny prrogramma vaovao AFAFI Centre izay tokony hanomboka amin'ny faran'ny taona 2020 ny Vondrona Europeana.



Fampiofanana mpiompy trondro ataon'ny ekipan'ny tetikasa AMPIANA

©APDRA 2019

Torohevitra ho an'ny famokarana tantanam-pianakaviana

Hatramin'ny volana febroary 2019, nandray iraka vaovao dia i Chloé Van Moere ny ekipan'Itasy. Ny fampivoarana ny fomba ahafahana mampiditra ireo singan'ny Torohevitra ho an'ny Famokarana Tantanam-pianakaviana (TFT) ao anatin'ny asan'ireo teknisianin'ny fiompirana trondro (ACP) no andraikiny.



©APDRA 2019

Iray amin'ireo vondrona mpiompy trondro manolo-tena

Miara-miasa amin-dRamananjaona Nomentsoa Josia, ACP efa niasa tao amin'ny tetikasa AMPIANA, izy mba hahatomombana ny iraka. Ny TFT dia ahafahan'ny mpiompy trondro mahazo tsara sy mitantana ny fizotran'ny famokarana ataony eo amin'ny lafiny ara-toekarena.

Vokatry ny fitanana an-tsratra tsy tapaka ny fandaniana, ny vola mivoaka, ny vola miditra, sns., ary ny fampiasana fitaovana sy fomba manokana dia afaka mamakafaka lalina kokoa ny toeram-piompiany sady mahazo tsara kokoa ny fomba fiforongan'ny fidiram-bola sy ny fivoahany ny tantsaha. Manamafy ny fahafahany manapa-kevitra ny TFT, ahazoany manatsara ny fitantanany ny volany, miaraka amin'ny fijerena ny famokarana amin'ny ankabobeny.

Vondrona mpiompy karazany telo, mavitrika sy manolo-tena, no hiaraha-miasa hamaritra ny fomba fiosa andrana. Tonga nanatrika ny adihevitra nokarakaraina taorian'ny faneken'izy ireo ny asa takiana aminy nandritra ny fivoriana fampahafantarana izy ireo. Ny filàna sy ny ahiahin'izy ireo mikasika ny fitantanana ara-toekarena ny toeram-pamokarana sy ny famokarana no niompanan'izany.

Fiaraha-miasa amin'ny ACP sy ireo mpiompy trondro manolo-tena ao Itasy ihany no kasaina hanohizana ny asa hamaritana ireo singan'ny TFT azo ampidirina ao anatin'ny torohevitra omen'ny ACP sy ny endrika amoahana azy. Kasaina hampiharina amin'ny fotoam-pamokarana manaraka ireo torohevitra vaovao ireo. Chloé sy Josia no hiandraikitra io asa io hatramin'ny farany. Fiaraha-miasa akaiky amin'ny mpiompy trondro, ACP sy ny talen'ny APDRA ao amin'ny faritra Itasy no ahafahana mitantana sy manombana io fampiharana andrana io ary manolotra fomba fiosa raikitra.

Ny fandrindrana ny APDRA eto Madagasikara dia maniry ny hampiely io fomba fiosa io amin'ny faritra rehetra iasany. Araka izany dia misy ireo singa hampiofanana ny ACP hampipàka izany fomba vaovao izany ao anatin'izy ireo ary hampiharana'ireo mpiompy trondro ireo fitaovana vaovao fanaovana tombana aratoekarena ireo.

LOHAHEVITRA : Fitaterana trondro

Vakinankaratra

Fiantohana ny fahaveloman'ny zanatrondro taterina

Hatoronay anareo ao anatin'ity lahatsoratra ity ny fomba fampiasan'ireo mpamokatra ao amin'ny Faritra. Ahafahana mitatitra zanatrondro velona mandritra ny adiny telo eo ho eo izany.

Mialohan'ny fitaterana dia atao anaty rano madio mandritra ny roa andro ary tsy fahanana ny zanatrondro. Ny andro handehanana, asiana kitapo tsilena (tsy tatera-drano) izay manana hatevina 1,30 sm x 60 sm ao anaty sobika (mitentina 8 000 Ar) ary fenoina rano ny iray ampahatelon'ny kitapo. Aorian'izay dia afatotra amin'ny fitondrana entana amin'ny bisikileta, amin'ny alalan'ny fingotra roa mitentina 2 500 Ar, ny entana. Ampidirina moramora ao anaty kitapo ny zanatrondro ary avoaka ny rivotra tavela ao anatin'ny vao hidiana.

Eny an-dàlana, raha sempotra ny zanatrondro (misintona rivotra ety amin'ny fanambonin'ny rano), dia abontsina amin'ny alalan'ny paompy fampiasa amin'ny bisikileta (vidiny : 12 000 Ar) ny roa ampahatelon'ny kitapo hanavaozana ny rivotra. Soloina ny ampanan'ny rano raha mbola mitohy ny fahasemponan'ny zanatrondro. Marihina fa tsy tokony hitranga io olana io raha voahaja ny tsy famahanana mialohan'ny fitaterana.

Itaterana zanatrondro miisa 250 mirefy 4 sm mandritra ny adiny telo tsy ilàna fanoloan-drano io fomba io. Ahafahana mitana ny ain'ireo zanatrondro mandrapahatonga any amin'ny toerana misy rano ihany koa ny fampiasana paompy famahanan-

drivotra raha sendra misy tsy fahampiana oksizena. Tsy ahiana intsony ankoatr'izay ny olan'ny fahavakisan'ny kodiarana. Tsy lafo ny fitaovana ilaina amin'io fitaterana io sady azo ampiasaina amin'ny toe-javatra maro hafa. Folo volana ny faharetan'ny fitaovana raha toa ka voatandrina tsara.



©APDRA 2019

LOHAHEVITRA : Fitaterana trondro

Amoron'i Mania

Manatitra zanatrondro amin'ireo kaominina manodidina

Razakandrainy André Hery antsoina hoe "Zaka" dia monina ao Soafiherenana, kaominina Kianjandrakefina, distrikan'Ambositra. Niara-niasa tamin'ny APDRA hatramin'ny 2010, ampahafantariny antsika ny teknika fitaterany zanatrondro mankany amin'ireo kaominina manodidina.

FMT : Aiza no ivarotanao ny zanatrondroneo ?

Zaka : Tamin'ny taona 2011, nanomboka namokatra zanatrondro aho ka renitrondro iray no nahazoako zanatrondro miisa 800, ary hatramin'ny taona 2014 dia teto an-toerana ihany no nivarotako ny zanatrondroko. Nohatsaraiko taorian'izay ny teknika famokaroko. Tamin'ny taona 2015, nahafahako nahazo zanatrondro 20 000 isan-taona izay tsy lafoko teto an-toerana intsony ny fampiasàko renitrondro miisa 3. Nanery ahy hivarotra ny zanatrondroko tany amin'ireo kaominina manodidina toa an'Ambinanindrano (any amin'ny 20 km), Fehizay (any amin'ny 12 km) ary Ambohimitoro II (any amin'ny 8 km) izany.

Mba hahafapo ireo mpividyl dia izaho ihany no manatitra ny zanatrondro. Ao anatin'ny fotoam-pamokarana iray, miisa enina eo ho eo ny fitaterana vitako.

FMT : Ahoana ny fikarakaranao ny zanatrondroneo ary inona no fitaovalam-pitaterana ampiasaina?

Zaka : Ampidiniko aloha ny haavon'ny rano ao an-tanimbaray ahafahana maka ny zanatrondro amin'ny alalan'ny voaly na lay. Ataoko anaty *happa*, anaty dobo misy rano avy amin'ny loharano madio izy ireo aorian'izay. Ajanoko ao anatin'io dobo io mandritra ny alina ary tsy omena sakafo ireo zanatrondro. Ny ampitso, ataoko anaty bidao mavo mahazaka 20 litatra, ary atokatokana isaky ny habeny.

Zanatrondro miisa 500 mirefy 3 sm avy, na 350 amin'ny refy 3 sm na mihoatra, no taterina ao anaty bidao iray. Misy

rano ny 1/3-n'ny bidao ary rivotra ny 2/3. Azoko itondrana bidao miisa 4 ny bisikiletako. Apetrako anaty kesika hazo izay afatotro amin'ny fingotra eo amin'ny fitondrana entana ireo mba hahamora ny fikirakirana, ny fivarotana ary ny fanoloana ny ranon'ny bidao.



©APDRA 2019

Zaka eo am-panomanana ny trondro hotaterina

Soloiko matetika ny rano raha Maherin'ny adiny iray ny lalana. Maraina be, amin'ny 4 ora sy sasany, matetika no itaterako ny zanatrondroko mba tsy ho fatin'ny hafanana.

Atsinanana

Mifampiresaka amin'ny hafa hanatsarana ny teknika fitaterana zanatrondro



Maka zanatrondro i Angèle Henriette

Herintaona izay no nanohan'an'ny APDRA an'i Angèle Henriette, mpiompy trondro monina ao amin'ny kaominina Niherenana, distrikan'i Vatomandry. Tojo olana teo amin'ny fitaterana zanatrondro izy raha vao namokatra zanatrondro voalohany.

Olana teo amin'ny fitaterana zanatrondro karpa

Zanatrondro miisa 2 000 no azoko tamin'ny volana septambra 2018. Tsy mbola naharay fiofanana momba ny fitaterana tamin'ny APDRA aho ka tsy nahalala tsara ny fomba fitaterana zanatrondro. Noheveriko fa ny andro akana ny zanatrondro no itaterana azy. Tamin'ny voalohany, bidao mavo voatapaka ny tampony, voarakotra tsilena notanana tamin'ny fingotra no nampiasaiko. Mitataovovanana, taorian'ny jono avy hatrany, no nitaterako ny zanatrondroko. Zanatrondro 50 tamin'ireo 200 nentina tamin'io andro io no maty vokatry ny hafanana sy ny tsy fahatomombanan'ny fitaterana.

LOHAHEVITRA : Fitaterana trondro

Fahatsaran'ny fitaterana taorian'ny fitsidihana fifanakalozana

Nandritra ny fitsidihana fifanakalozana nokarakarain'ny APDRA tamin'ny janoary 2019 tao Betafo no nahafahako niresaka lohahevitra maro tamin'ireo mpiompy ao Vakinankaratra. Tamin'izay no nihaonako tamin'i Dada Mino izay nilaza tamiko fa tokony hiandry ny ampitson'ny nakana ny zanatrondro aho farafahakeliny vao mitatitra mba tsy hahafaty azy, zava-dehibe mantsy ny tsy famahanana azy. Natorony ahy koa ny karazana

bidao fitaterana, ary ny tokony hitondrana ny zanatrondro amin'ny fotoana tsy mampafana loatra ny andro.

Tamin'ny fiverenako dia nampihariko tsara ireo torohevitra nomeny. Nividy bidao natokako ho an'ny fitaterana aho ka nofenoiko rano ny ampahatelony ary niandry 24 ora aho vao nitatitra ny zanatrondro. Farany, maraina be no nitaterako azy. Tsy nisy zanatrondro maty intsony vokatry ny fanarahako io fomba io !

Itasy

Fitaterana trondro velona avy ao Ampefy mankany Antananarivo

Mamiarisoa Jean-Chris, antsoina hoe « M. Mamy », dia mpiompy trondro. Manangona trondro ao amin'ny faritra Itasy ihany koa izy hatramin'ny taona 2018. Maneho ny fomba fitaterany trondro velona, amidy vao eo amin'ny toeram-pivarotany ao Antananarivo, ity lahatsoratra ity.

Fikarakarana sy fitaterana

Mialohan'ny fitaterana, tehirizin 'i M. Mamy, tsy fahanana, ao anaty *happa* napetraka tao anaty dobon-drano madio sy nasiana oksizena ny trondro avy nojonoina. Ahafhana manafoana ny ati-vavoniny sy manadio ny fitaovam-pisefoany izany. Fiara karazany roa (ampiasainy araka ny fatran'ny trondro tateriny) izay fananany manokana ary amboarinny hipetrahan'ireo fitaovam-pitaterana ilainy no ampiasainy. Baka miisa 4 manana hadiry 100 litatra avy na baka lehibe iray mirefy 1 500 litatra (fampiasa amin'ny fotoana maha betsaka ny vokatra) no fitondrany.



M. Mamy eo am-panjonoana

Mahazaka trondro velona milanja 50 kg ny baka manana hadiry 100 litatra. Rano madio avy tao amin'ny dobo nitehirizana ny trondro ihany no atao ao anatin'ny mba tsy hiantraika amin'ny trondro ny fiovana tampoka eo amin'ny tontolo itondrana azy. Manana famahanan-drivota roa (220 V sy 12 V) mifanaraka amin'ny isan'ny trondro taterina i M. Mamy.

Tsy mandeha mafy izy eny an-dàlana mba tsy hampikorontana loatra ny fitaovana ka mety handratra ny trondro. Tsy hadinony koa ny mitondra ny taratasy fahazoan-dàlana hitatitra trondro velona.



Mampiasa ny fiarany i M. Mamy amin'ny fitaterana trondro velona

Afindra, am-pitandremana sy haingana, amin'ny fitaovana hafa amin'ny alalan'ny épuisettes ny trondro rehefa tonga ao Antananarivo mba hampahazo aina azy. 20 000 Ar/kg eo ho eo no ivarotan'i M. Mamy trondro velona ao Antananarivo.



Trondro vokatra sy nangonina tao Itasy

LOHAHEVITRA : Fitaterana trondro

Matsiatra Ambony Mitatitra sy mivarotra trondro amin'ny foara

Soafara Helphine Eva antsoina hoe « Rasoafara », mpiompy trondro arahin'ny APDRA hatramin'ny 2008 ao Ambodiranomaitso, kaominina Andranovorivato, distrikan'i Vohibato, dia zatra mitondra trondro hamidiny any amin'ny foara lehibe.

« Izaho sy ny mpiompy trondro eto aminay dia zatra mitatitra trondro velona 400 kg anaty baka mirefy 1 000 litatra rehefa mandray anjara amin'ny foara any Antananarivo.

Mampiasa tsilena izahay hitondrana ny trondro avy eny antanimbary mankeny amin'ny baka. Ampidirinay ao ny rano, ny trondro sy ny rivotra. Atao anaty gony fitondrana vary ilay tsilena mba tsy ho mora rovitra alohan'ny hamatorana ny vavany. Apetraka anaty garaba vita amin'ny bararata avy eo ny gony hahamora ny fitaterana trondro mankeny amin'ny baka. Asianay rano 700 litatra ao anaty baka ka ampidirinay ao ny trondro nalaina sy tsy nofahanana roa andro mialoha. Famahanan-driveatra mandeha bateria no itazonana ny ain'ny trondro mandritra ny fandehanana fiara fitateram-bahoaka.



© APDRA 2019

Rasoafara sy ny zanany vavy



© APDRA 2019

Fanomanana ny trondro hotaterina mankeny amin'ny baka

Hofaina 40 000 Ar ny baka mandritra ny foara. 12 ora ny faharetan'ny dia mankany Antananarivo. Havaozinay indroa amin'ny alalan'ny renirano izay hita eny amoron-dàlana ny rano. Rehefa tonga, 70 isanjaton'ny trondro na 280 kg no velona, ary lafonay mandritra ny andro voalohan'ny foara daholo. Mandritra ny fivarotana, havaozinay indray mandeha amin'ny ranon'ny paompy ny ranon'ny trondro. Ataonay anaty harona vita amin'ny ravin-dahasa ary fonosinay anandrano sahabo ho 3 na 5 sm ny trondro maty teny an-dàlana, hitanana ny hatsarany. Amidinay 18 000 Ar/kg ny trondro vao ary 20 000 Ar/kg ny trondro velona.

Manan-danja ny fahazoan-dàlana hitatitra omen'ny sampan-draharahan'ny jono satria mampiato ny dia sy miteraka sazy ny tsy fanana azy. »

Matsiatra Ambony Fitondrana trondro amin'ny fiara fitateram-bahoaka

Andriamalazamanga Nivo Charles Adam atao hoe « Ranivo », mpiompy miara-miasa amin'ny APDRA ao amin'ny fokontany Besoa, kaominina Besoa, distrikan'Ambalavao, dia mitondra ny trondrony amin'ny fiara fitateram-bahoaka hamonjy ny tsenan'i Fianarantsoa.

Ny volana aprily hatramin'ny volana jona, nahalafo trondro 100 kg tao Fianarantsoa, 80 km miala ny tanàna fonenany, Ranivo. Teo aloha, mbola kely ny vokatra azony ka namidiny teo an-toerana ihany. Telo taona izao no nivarotany ny trondrony tao Fianarantsoa satria tsara kokoa ny vidiny any : 14 000 Ar/kg raha 8 000 Ar/kg any amin'ny tanàna misy azy.

Fitaovana izay hitany ao an-toerana ihany no ampiasain-d'Ranivo amin'ny fikirakirana : siny iray, lay na épuisette namboarin'ny fianakaviany. Iray andro mialohan'ny dia no akany ny trondro ary ataony anaty lay na *happa ireo* mba tsy hihinana intsony. Ny ampitso maraina, trondro manodidina ny 30 milanja tokony ho 500 g tsirairay no ataony anaty siny ary elanelaniny ravin-tsahanaka mba ho vao hatrany (maniry ho

azy anaty rano ny sihanaka ka tsy andaniam-bola). Fenoiny io ravin-javamaniry io tanteraka ny siny. Hidiany amin'ny lay ny siny avy eo mba tsy hahavery ny trondro mandritra ny fitondrana azy amin'ny fiara fitateram-bahoaka. Eo amin'ny toerana fitondran'ny fiara entana no amatorana ny siny.

Maharitra ora roa ny dia mankany Fianarantsoa ary 7 000 Ar ny saran-dàlana. Mijanona ho vao hatrany ny trondro ka vetivety dia lafo. 14 000 Ar/kg no ivarotana amin'ny mpihinana, ary 12 000 Ar/kg ho an'ny mpivarotra. Isaky ny mandeha izy dia siny roa mahazaka trondro sahabo ho 30 kg izay lafony ao anatin'ny adiny iray no tateriny.

Resy lahatra amin'ny fahombiazan'ny teknika fitaterany trondro vao izy ka tiany ny mizara izany amin'ireo mpiompy hafa.

VIDIM-BOKATRA

Vidin-janatrondro nalaina tamin'ny 2018-2019

Naka vidin-janatrondro maro karazana (karpa, tilapia) tany amin'ny faritra iasany ny ekipan'ny APDRA teo anelanelan'ny volana oktobra 2018 sy ny volana january 2019.

Ny faritra Atsinanana no faritra ahitana zanatrondro karpa farany lafo (manodidina ny 350 Ar), nisy mihitsy aza zanatrondro karpa namidy 2 000 Ar ny iray. Ao amin'ny faritra Itasy, Analamanga sy Amoron'i Mania dia mitovitovy ny vidiny (eo anelanelan'ny 210 sy 220 Ar) raha farany ambany izany any amin'ny faritra Vakinankaratra sy Matsiatra Ambony (170 hatramin'ny 180 Ar). Araka ny maha-lehibe ny zanatrondro karpa no mampiakatra ny vidiny.

Vitsy kokoa ny isan'ny zanatrondro tilapia nanaovana fanadihadiana. 130 Ar (eo anelanelan'ny 100 sy 200 Ar) ny salam-bidin'ny zanaka tilapia azo tamin'ny vondrona 13 nojerena tao amin'ny faritra Atsinanana, Itasy, Analamanga sy Matsiatra Ambony. Miisa 3 monja ny fakana vidin'ny zanaka tilapia natao tao amin'ny faritra Atsinanana ka nahazoana salam-bidy 400 Ar.

Vidin-janatrondro karpa farany ambany, antonony sy farany ambony, amin'ny Ar

Faritra	Salam-bidy (Ar)	Vidiny farany ambany (Ar)	Vidiny farany ambony (Ar)	Isan'ny fakana vidim-bokatra
Amoron'i Mania	210	100	400	18
Analamanga	220	80	350	30
Atsinanana	350	200	400	6
Matsiatra Ambony	180	100	300	14
Itasy	220	100	300	32
Vakinankaratra	170	30	500	29
Salam-bidy ankapobeny	210	30	500	129

TARATASIN'NY MPAMAKY

Fahitan'ny mpamaky ny FMT n° 43

« Mitovy amin'ny ataontsika ihany ny épuisette koreana io fa miova ny anarany. » Ijo (Besoa)

« Mahaliana anay ny fomba fahandroana sakafo aroson'ny LVRP.

Vitsy anefa ny anjara gazety azon'ny fikambananay ka voatery izahay mandika ny recette ao anatin'ny kahie fitanana an-tsoratra ny vokatra trondro mba ahafahanay mampiasa izany. » Fikambanana mpiompy trondro Faniriantsoa (Ambohimahazo)

« Mikasika ny fitaovam-panjonoana (bidao), ahafantaran-javatra betsaka ilay lahatsoratra, mendrika ny hozaraina sy aparitaka ny famoronana eny anivon'ny tantsaha toy ireny. » Pastora Eugène (Ambatolahy)

« Rehefa namaky ny gazety izahay dia nahatsikaritra ilay olana mahakasika ny fikirkirana zanatrondro. Nahaliana anay ny momba

ilay bidon jaune sy ny fampiasana azy ka tianay raha mba mahazo fiofanana amin'ny fanamboarana azy io izahay. » Fikambanana mpiompy trondro (Imito)

« Sarotra ho an'ny mpamaky ny mamantatra ny hevitra ambaran'ny sarin'ny bidon jaune (sary miloko mainty sy fotosy) izay ampiasaina hahamora ny fakana zanatrondro mandritra ny famindrana azy. Miandry fanazavana fanampiny avy amin'ny teknisianina araka izany ny mpamaky. » Hery (Vinany)

« Afaka manofana anay amin'ny fanamboarana ireo fitaovana ireo ve ianareo fa mahaliana anay ? » Randria (Lalangina)

- Valin-tenin'ny APDRA : azonareo angatahana fiofanana ireo teknisianina rehefa mandalo any aminareo

NY METY HO TOETRY NY ANDRO

Natambatray araka ny antontan'isa nomen'ny sampan-draharaoha mpamantatra ny toetr'andro ny vinavinan'ny mety ho toetry ny andro ho an'ny volana oktobra sy novambra 2019, any amin'ireo faritra iasan'ny APDRA.

Vinavinan'ny rotsak'orana (fatran'ny orana milatsaka) isaky ny faritra

Fatra voarefy amin'ny milimetatra (mm)

Faritra	Oktobra 2019	Novambra 2019
Atsinanana	Mihoatra kely amin'ny salan'ny rotsak'orana (sal : 130 mm)	Mihoatra kely amin'ny salan'ny rotsak'orana (sal : 126 mm)
Analamanga	Mihoatra kely amin'ny salan'ny rotsak'orana (sal : 42 mm)	Mihoatra kely amin'ny salan'ny rotsak'orana (sal : 112 mm)
Itasy	Mihoatra kely amin'ny salan'ny rotsak'orana (sal : 24 mm)	Mihoatra kely amin'ny salan'ny rotsak'orana (sal : 83 mm)
Vakinankaratra	Mihoatra kely amin'ny salan'ny rotsak'orana (sal : 82 mm)	Mihoatra kely amin'ny salan'ny rotsak'orana (sal : 121 mm)
Amoron'i Mania	Mihoatra kely amin'ny salan'ny rotsak'orana (sal : 71 mm)	Mihoatra kely amin'ny salan'ny rotsak'orana (sal : 126 mm)
Matsiatra Ambony	Mihoatra kely amin'ny salan'ny rotsak'orana (sal : 51 mm)	Mihoatra kely amin'ny salan'ny rotsak'orana (sal : 102 mm)

Sal = salan'ny rotsak'orana ; Mihoatra kely amin'ny salan'ny rotsak'orana : +/- 30 mm

Vinavinan'ny maripana

Ho an'ny faritra rehetra iasan'ny APDRA, ambony kokoa ny maripana voavina maripana mitaha amin'ny salan'ny maripana.

SAMIHAFA

TENY MIFAMPIDITRA

Tsiproho ireo teny ao anaty lisitra (azo vakiana mitsangana, mitsivalana, misompirana, mivadika). Atambaro avy eo ireo litera sisà tavela hahitana ny anarana ao amin'ny famaritana (amin'ny teny frantsay)

Z	F	I	T	A	T	E	R	A	N	A
H	A	P	P	A	K	I	L	A	O	F
L	R	N	A	G	O	N	A	R	K	I
I	I	T	A	D	O	B	O	A	S	T
T	V	S	N	T	E	N	K	I	I	A
A	O	E	I	E	R	I	Y	F	Z	O
T	T	N	L	L	B	O	R	A	E	V
R	R	A	A	O	R	A	N	A	N	A
A	A	R	S	T	N	U	R	D	A	N
A	E	F	O	M	B	A	K	A	R	A
B	I	S	I	K	I	L	E	T	A	O

ZANATRONDRO	SOBIKA
FITATERANA	FIARA
FITAOVANA	OKSIZENA
BISIKILETA	ORANA
HAPPA	BAKA
KILAO	ORA
LITATRA	GONY
RIVOTRA	DOBO
VELONA	RANO
TSENA	TELO
FOMBA	ALINA

Famaritana

Fitaovana kely mandeha herinaratra ahafahana mampiditra oksizena
ao anaty rano

Valliny : Aferetuer



Fiompiana trondro ho an'ny tantsaha

Olga Razafindramanga

Kaominina Tsivangiana, distrikan'i Mahanoro, faritra Atsinanana

Ny APDRA dia miasa aty amin'ny faritra Atsinanana

Asa fivelomana ho an'ny fianakaviana na fikambanana

Fiompiana trondro na koa hazandrano

Anatsarana fainana, indrindra fa ny isan-tokantrano

Raha ity resaka trondro ity no koranina

Mampidibola sady sakafo hohanina

Manatsara ny fainan'ny mpianakavy

Loharanon-karena, sady ro matavy

Ny APDRA dia miasa amin'ny Distrikan'i Vatomandry sy Mahanoro

Ho an'izay tsy mahafantatra tsara ny raha atoro

Miasa anatin'ny kaominina efatra ambin'ny folo

Indrindra fa ny faritra ambanivolo

Andriamatoa Zo no lehiben'ny Tetik'asa

Maromaro izy ireo no miara-miasa

Mme Tendro, Josaia, Tojo, JB, Papy, José, Arnaud ary Samson

Misy vazaha iray antsoina hoe Marion

Ka ho antsika zatra miompy akoho amam-borona

Ovay ny famindra ka andao ary hamorona

Ny fiompiana trondro dia miavaka manokana

Satria ny atodin'ny trondro dia vitsy lamokana

Ny trondro dia tsy mba voan'ny peste

Ny manana trondro aza afaka mijeste

Biby fiompy tsy mba manan-tsiny

Tsy tezaina aody ary tsy atao vaksiny

Ny zanany dia mitombo isan'andro, isam-bolana

Ny fikarakarana ny sakafony koa tsy dia olana

Mihinana foana izy na tsy fahanana

Manamorona ny dobo mitady ravin-jamana

Koa manamboara dobo ataovy mafy barazy

Amin'izay sôsy miditra ho azy

Ianao aza mety antsoin'ny olona à Dembal

Satria ny fainanao mandeha normal

Ka ho antsika tantsaha mpiasa tany


Aza miompy zavatra hafa, fa trondro ihany

Ny trondro andavan'andro dia misy mpividy

Tononkalo ny ahy fa anao misafidy

Araraoty ny fotoana fa mbola miasa ny APDRA

Hoy ny fiteny hoe : izay mandry rakofana drà



APDRA
Pisciculture Paysanne
Antenne Madagascar
La Résidence Sociale
Antsirabe - MADAGASCAR
Tél. (261) (20) 44 489 89
www.apdra.org
lvrp@apdra.org

Talen'ny Famoahana

Barbara Bentz

Tonian'ny Fanoratana

Sidonie Rasoarimalala

Mpanoratra

Philippe Martel

Clémentine Maureaud

Chloé Van Moere

Marion Mounayar

Aina Rabalijaona

Sandy Ramangasalama

Fanomezantsoa Rasolofoniaina

Donatiens Razafindrantsiry